# 365Tantara 22. Aza vonoina ny alika!



# 22. Aza vonoina ny alika !

Indray alina raha natory ity lehilahy iray dia nisy mpangalatra te hiditra ny tranony. Niditra avy teo an-jaridaina izy ireo, dia nanomboka nivoavoa ilay alika nifatotra teo an-tokontany.

- Fa misy inona? Izaho reraka be avy niasa!.


Tsisy hatoriana!, hoy ny fimenomenoman'ny tompony nivadika teo am-pandriany. Kanefa nitohy nivovoa hatrany ihany ilay alika.



Sorena ralehilahy ka nitsangana nampangina ilay biby.

- Mangina ity, avelao aho hatory!.

Nefa dia mbola nivovoa mafy hatrany ilay biby tsy azo nampanginina.Tsy azo amidy.



Tezitra loatra izy dia naka ilay basy teo akaikin'ny birao-ny,naka bala vitsivitsy, namahana ary nitifitra ilay alika.

Maty ilay biby nampalahelo, ary lasa niverina nato-ry ilay tompon-trano. - Afaka hatory milamina @ izay aho! Hoy ianao: tena adala mihitsy ity lehilahy ity.

Nanana namana mahafinaritra izy: ilay alikany izay ni-toetra teo anivon'ny ankohonany, nahatoky nandritra ny taona maro, misy fitiavana, nifampizara taminy ny hafaliany sy ny halahelony.

Izy no mpiandry ny tranony, mpiaro izany, ary teto dia ny asany no nataony satria tia hampandre ny tompony ny loza mananontanona, kanefa ny adalan'ilay rangahy no nanosika azy namono ilay namana mahatoky, izay niaro azy ka lasa tafiditra ireto mpangalatra.



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean-Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Mihomehy ianao izao noho ny adalan'ity lehilahy ity.
Iza no mahalala raha mba manao toy izany koa ianao?
Ny feon'ny fieritreretanao milaza fa mpanota ianao, ary lavitra ny fanatanterahana ny didin'Andriamanitra. kanefa hampanginінao ny feon'ny fieritreretanao!
Manana baiboly angamba ianao ao an-trano.

Ilay boky hanambaran'Andriamanitra ny lalan'ny famonjena sady mampandre ny fitsarana izay hihatra amin'izay tsy mino Azy.



Io baiboly io, tsy sahinao hatsipy, kanefa tsy mety vakianao ihany koa!
Ampangininao ny tenin'Andriamanitra!
Tsy tianao henoina ny feon'Andriamanitra!
Miangavy anao aho ankehitriny:
"Aza vonoina ny alika, ny tiako hambara hoe ny feon'ny fieritreretanao!"